**Sabata 17 Janoary 2026**

**Toriteny iombonana mandritra ny Sabata natokana**

**ho an'ny Fahafahana ara-pivavahana**

**Tompon -dakan'ny Fahafahana: Ny Vaovao Mahafalin'ny Fahafahana**

**sy ny Fiarahana amin'Andriamanitra**

## Fampidirana

"Ny resaka fahafahana no iray amin'ireo zavatra nampisavorovoro hevitra indrindra teo amin'ny tantaran'ny filozofia, « *labyrinthe* » (toerana sarotra tsy ahitana lalan-kivoahana), hoy i Leibniz. Tsy toy izany kosa anefa ny teolojia kristianina ao amin'ny Baiboly. Mazava ho azy fa ireo roa ireo dia mifototra amin'ny hevitra samihafa ary noho izany dia samy manana ny fomba fijery. Ny fahafahana dia tena sarobidy manana ny lanjany ao amin' ny Soratra Masina. Ny fiainana dia mifandray tsy afa - misaraka amin'ny zava-misin'ny fahafahana. Ao amin'ny Soratra Masina ny famoronana dia fahafahana amin'ny tsy fisiana. Ny Eksodosy dia mikasika ny fahafahana amin'ny fatorana, ny fampahoriana sy ny fietrena noho ny fanandevozana.

Ny tantaran'ny vahoakan'Andriamanitra raha ny marina dia ny tantaran'ny fahafahana amin'ny ratsy sy ny fomba fisehony rehetra. Ny fety rehetra teo amin'ny Isiraelita dia mifandray amin'ny fahafahana avokoa. (Paska, Andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, Fetin'ny voaloham-bokatra, Pentekosta, Fetin'ny Trompetra, ny Andro Fanavotana, ny Andro Firavoravoana amin'ny Tabernakely, ary ny Jobily). Ny Sabata isan-kerinandro dia mifandray amin'ny fanafahana ihany koa araka ny Deoteronomia 5. Ny teny fikasan 'Andriamanitra momba ny hoavin'ny vahoakan' Andriamanitra dia mifandray amin'ny fahafahana daholo. Fahafahana amin'ny ady, fahafahana amin'ny ratsy, fahafahana amin'ny herisetra, fahafahana amin'ny tsindry hazo lena, ny fileferana, ary ny fanambakana sy ny fanararaotana.

Noho izany ny fahafahana dia tsy azo sarahina amin'ny fandriam-pahalemana na ny fiadanana. Ny fahafahana no fepetra takiana amin'ny fandriam-pahalemana na ny fiadanana. Marina izany eo amin'ny sehatry ny tena manokana momba ny fiadanana anaty, izay fanehoana ny fahafahana amin'ny fahatsapana ho meloka.

Ao amin'ny Baiboly, izany dia mitovy amin'ny fahafahan'ny voavela heloka avy amin'Andriamanitra. Ary koa, eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina, ny fahalalahana dia fepetra takiana amin'ny fiadanana. Raha tsy misy ny fahafahana eo amin'ny fanapahan-kevitry ny tena manokana, na ho ela na ho haingana, ny ady ary ny fikomiana dia mamelona ny antony manosika ireo mpiady ho amin'ny fahafahana izay manana tanjona ny

handrava/hanaisotra ny zioga napetraka teo amin'ny vahoakany. Noho izany ny fiadanana dia mitaky fahafahana.

Mba hahatakarana ny foto-kevitry ny fahafahana, dia nisy fanavahana natao teo amin'ny fahalalahana ratsy (*liberté négative)* sy fahalalahana tsara (*liberté positive)*.

> [1] Ara-tantara, ity farany dia mifandray amin'ilay antsoina hoe "Républicanisme ", "filozofia ara-politika izay mihevitra fa ny soatoavina ambony indrindra eo amin'ny soa iombonana ara-politika dia mifandray amin'ny fanompoana ny soa iombonana, ny fahavononana hanao sorona ny tombon-tsoan'ny tena manokana ho an'ny tombon-tsoan'ny maro, ny fanajana ny fahamendrehana, ny fahamarinan-toetra, ny herim-po any an'ady ho fiarovana ny Repoblika."

> [2] Mazava ho azy, ho an'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, nanolo-tena ho amin'ny tsy fanaovana ady, ireo idealy nasionaly ireo dia tsy azo ekena tsy misy fepetra. Ny soatoavina maneran-tany izay mahasoa ny fianakaviamben'ny olombelona noforonina araka ny endrik'Andriamanitra no zava-dehibe indrindra. Ireo Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tany am-boalohany dia nanohitra ny fametrahana ny idealy nasionalista izay mifanohitra amin'ny soatoavina maneran-tany.

Ny fahalalahana ratsy no modely ekena sy ankamamiana indrindra eo anivon'ny « démocratie libérale », ka ny soatoavina fototra dia mifandray amin'ny fahafahan'ny tsirairay, ny fandraharahana eo amin'ny toekarena, ary ny hetaheta ho an'ny haren'ny tena manokana.

Miteraka olana eo amin'ny fiaraha-monina ny an-tendrony amin'ireo famaritana roa momba ny atao hoe fahafahana ireo.

Tsy ny fahalalahana ara-politika ihany no misy raha resaka fahalalahana no resahina. Misy lafiny tsy azo lavina momba ny fahafahana izay tsy maintsy dinihina sy ekena. Ho an'ny Kristianina izay manana fiainana novolavolaina araka ny an'i Jesosy, dia tsy ny fahafahana mizaka tena no zava-tsarobidy indrindra natao ho hindrahindraina manoloana ny tombon-tsoan'ny maro, ny an'ny fiaraha-monina, na ny an'ny fianakaviam-ben'ny olombelona amin'ny ankapobeny.

Ny halalin'ny firaisan-kinan'ny olombelona, ho an'ny Kristianina, dia fandrisihana mahery vaika hamonjena aina, hanohanana aina ary handraisana anjara amin'ny fiainana amim-pahamendrehana sy amin'ny tsy fitovian-toetra eo amin'ny fiainan'ireo olona hafa ao amin'ny fianakavian'olombelona. Misy zavatra mihoatra lavitra noho ny fahafahana kristiana ny zavatra hita maso.

Ny mpandinika ortodôksa anankiray dia namaha izany resaka izany toy izao manaraka izao: " Ny teolojia dia mampahatsiahy ny fetran'ny mety ho vitan'ny olona manana fahafahana mizaka tena, miorina amin'ny fanandraman'izany ny fahafahana ao amin'i Kristy. Ho an'ny fiangonana, dia tsy ny *ethos* momba ny zon'olombelona no *ethos* faratampony. Ny didy fanehoam-pitiavana ao amin'ny Baiboly dia maneho fomba fiainana sy lafiny momba ny fahafahana tsy azon'ny zon'olombelona takarina izay voamariky ny fitakiana "ny ahy" : ho amin'izany, ny endrika avo indrindran'ny fahafahana ho an'ny fiangonana dia ny anaovan'ny olona "sorona malalaka na dia ny zony manokana aza ho an'ny hafa".

Izany fihetsika izany dia tsy fitsipi-pitondrantenan'ny lolom-po izay avy amin'ny fahalemen'ny fisiana, araka ny eritreritr'i Nietzsche, fa ny mariky ny hery ao anaty izay tsy asan'olombelona fa fanomezam-pahasoavan'ny fahasoavan'Andriamanitra."

Noho ny maha-maneran-tany azy, ny fahafahana/fahalalahana dia tsy fananana mijoro irery. Ny fahafahana ara-Baiboly dia teraka avy tamin'ny fitiavan'Andriamanitra. Mifandray sy tsy azo sarahina amin'ny fitiavana ny fahafahana. Ny fitiavana tokoa no tanjon'ny fahafahana. Satria tsy azo terena ny fitiavana. Izany dia fitepon'ny fon'ny fanekena ara-dalàna, na eo amin'Andriamanitra sy ny olona, na eo amintsika samy olombelona.

Namorona ny fahafahana Andriamanitra mba hahatonga ny fitiavana ho zava-misy.

**Ny Votoatin'ny Toe-javatra.**

Mifandray amin'ny fitiavana ny votoatin'ny Torah izay nofintinin'i Jesosy tao amin'ny fampianarany.

> *Mihainoa, ry Isiraely ô! Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany!*
>
> *Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao ami'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra." Deot. 6:4.*

Antsoin'i Jesosy hoe didy lehibe sady voalohany izany (Jereo ny Mat. 22:37,39)

Nampiany hoe : « Ny faharoa izay tahaka azy ihany dia toy izao: 'Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.'

Avy eo Izy dia nanao fanamarihana hoe: "Izany didy roa izany no ihantonan'ny lalàna rehetra sy ny Mpaminany."

Mba hahatonga ny fepetran'ny fitiavana ho azo tanterahina dia namorona ny fahafahana Andriamanitra. Ny finamanana/fifandraisana mandrakizay amim-pitiavana dia tsy mifanaraka amin'ny fanerena, ny hery, ny fampitahorana, na ny herisetra.

Ny Fanantenana ny Fahafahana Mandrakizay sy ny Finamanana/fifandraisana amim-pitiavana no tanjon'Andriamanitra sy fikasany ary zava-kendreny tamin'ny fanoloratenany tamin'ny fomba feno hamonjy ny olombelona noforonina araka ny endriny.

**Topimaso akaiky kokoa momba ny fahalalahana/fahafahana**

Ny antsoin'ny Baiboly hoe filazantsara na vaovao mahafaly dia ny fanambarana mialoha ny amin'ny fanafahana ny olombelona sy ny zava-boary amin' ny ratsy, ny fampahoriana, ny mpampahory, ary ny henatra. Izany no nampanantenain'Andriamanitra ary fototry ny fanantenantsika. Fa milaza ny marina Andriamanitra. Hanatanteraka ny teny fikasany Andriamanitra. Araka ny voalazan'ny Baiboly ao amin'i Isaia sy ny bokin'ny Apokalypsy, dia Andriamanitry ny fahamarinana Ilay Andriamanitra, Andriamanitry ny Amena (Isaia 65:16).

Ny foto-kevitr'io teny semita io dia mampita ny hevitra momba ny fahamarinana (*stabilité)*, fahazoana antoka, fiarovana, olona na zavatra iray izay azonao ianteherana.  Andriamanitra dia Izay azonao anorenana ny fiainanao. Ao Aminy ny fiarovana antsika. Araka ny voalaza manerana ny Soratra Masina manontolo, dia Andriamanitry ny fahafahana Andriamanitra.

Ny filazantsara dia ny vaovao mahafalin'Andriamanitra manafaka izay ampahoriana, voageja, na torotoro noho ny fiaraha-mientan'ny faharatsiana.

Kanefa na ny fitantarana voalohany ao amin'ny bokin'ny Genesisy na ny lahateny fanokanana nataon'i Jesosy tao amin'ny synagoga tao Nazareta na ny bokin'ny Apokalypsy, ny filazantsara dia momba ny fahafahana, sy fanafahana ary ny fahalalahana.

Mba hahatonga izany fahafahana izany ho zava-misy dia nandresy an'ireo fahavalo izay nampahory ny vahoakany Andriamanitra. Ao amin'izany hevitra izany, ny fandroahana an'i Satana avy any an-danitra, ny fanazerana ireo anjely avy any an-danitra, ary ny faharavan'i Babylona amin'ny fomba manokana, dia anisan'ny vaovao mahafaly lehibe indrindra. Izany dia fanafahana ny vahoakan'Andriamanitra avy amin'ny toeran'ny ampahorina, voatsindry, ary nampiasaina ho toy ny fitaovan'ny fanahy ratsy sy ny mpiara-dia aminy eo amin'ny sehatra ara-tsosialy, ara-kolontsaina, ara-pôlitika ary ara-toekarena.

**Tokony hataon'ireo tompon-dakan'ny fahalalahana mazava tsara izany.**

Ny filazantsara dia fiafaran'ny fanjakazakana atao amin'ny olombelona. Izany dia fanambarana ny fahatongavan'ny fahafahana.

Eo amin'ny sehatry ny tena manokana na ny isam-batan'olona, ny fahafahana no fiafaran'ny fanjakazakana ao anaty. Tsy misy mpanara-dia an'i Jesosy hikolokolo ny avonavona amin'ny fahatsapana na finoana ny fahambonian'ny tenany noho ny hafa. Eo amin'ny sehatra iombonana, ny Kristianina dia tsy afaka ny ho mpiray tsikombakomba amin'ny rafitry ny fanjakazakana sy ny fanavakavahana.

Ny vaovao mahafaly dia ny fanambarana ny fanafoanana ny fanjakan'ny mpanjakazaka. Izany dia fanorenana indray ny firafitry ny tontolo iainana rehetra. Izany dia fandavana ny endrika fanjakazakana rehetra sy ny ezaky ny fivavahana kristiana anarana fotsiny hanjaka amin'ny sehatra misy ny besinimaro sy ivelan'ny fivavahana.

Ny filazantsara dia fanafahana amin'ny fampanompoana. Izany dia fahafahana, izany hoe fiadanana sy fahazoana antoka ary fiarovana ho an'ny vehivavy ary zazavavy. Andriamanitra dia nampanantena fa ny ankizy dia ho afaka amin'ny loza ateraky ny ady sy ny fanararaotana. Tsy hisy intsony ny ankizy atao miaramila na ampiasaina hanao asa fanondranana maizina. Tsy hisy intsony ny fahavoazana. Nampanantena Andriamanitra fa tsy hisy intsony ny herisetra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Na ny tontolon'ny biby aza dia hoesorina amin'ny faniriany herisetra. Ity sary manaraka ao amin'ny Isaia 11:6-9 ity dia mampiseho vanim-potoana aorian'ny herisetra.

*« Ary ny amboadia hiara-mitoetra amin'ny zanak'ondry ;*

*Ny leoparda hiara-mandry amin'ny zanak'osy ;*

*Ny zanak'omby sy ny liona tanora sy ny ombikely mifahy hiray toerana,*

*Ary ny zazakely no hiroaka azy.*

*Ary ny ombivavy sy ny bera hiara-komana ;*

*Ny zanany hiara-mandry ;*

*Ary ny liona hihina-mololo tahaka ny omby ;*

*Ny zaza minono hilalao amin'ny lavaky ny vipera,*

*Ary ny zaza mitsaha-minono haninjitra ny tanany ao amin'ny lavaky ny menarana.*

*Ary tsy handratra na hanimba eran'ny tendrombohitro masina izy ;*

*Fa ny tany ho heniky ny fahalalana an'i Jehovah,*

*Tahaka ny anaronan'ny ranony fanambanin'ny ranomasina »*

Ny filazantsara dia mikasika ny fahafahana amin'ny fanahin'ny demonia, ireo izay hamitaka amin'ny farany ka haka tahaka ny hafatry ny anjely telo. Mandehandeha manerana an'izao tontolo izao izy ireo ary manaparitaka filazantsara sandoka. Andriamanitra dia handresy azy ireo koa. Izany dia midika hoe adin'ny Hara - magedona ( Apok. 16)

Ny filazantsara koa dia fanafahana ny voahary manontolo, ny natiora, ny tontolo misy antsika, izay niharan'ny kolikoly, ny fijaliana ary ny fahafatesana (Romana 8:20).

Ao anatin'ny tontolon-kevitra mitovy amin'ny bokin'ny Romana, ny filazantsara dia vaovao mahafaly momba ny fanambarana ny zanak'Andriamanitra. Midika izany fa hisy ny asa famerenana amin'ny laoniny ny zavatra nokendrena hatramin'ny famoronana. Izany dia ho

famoronana indray ny endrik'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fitoeran'ny Fanahy Masin'Andriamanitra. I Kristy no fanantenana ny voninahitra.

Kanefa izany fanafahana izany dia manana tanjona; tsy hoe mamorona toerana ho an'ny fiainana tena izy araka ny nikasan'Andriamanitra azy fotsiny fa ny votoatin'ny fiainana dia ny fifandraisana/fihavanana amin'Andriamanitra miaraka amin'Andriamanitra Telo Izay Iray be fitiavana.

Ny filazantsara amin'izany fomba fijery izany dia fanafahana amin'ny fitokana-monina. Tsy hisy rindrin'ny fisarahana intsony. Tsy kisendrasendra no tsy hananan'ilay Jerosalema Vaovao tempoly ao anatiny. Noho ny fanekem-pihavanana vaovaon'ny fanatonana mivantana an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny nahatongavan'i Jesosy Kristy ho nofo, ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty, ny fiakarany any an-danitra, ny asa fanompoan'ny Mpisoronabe ary ny Fiaviany Fanindroany amin'ny maha-tompon'ny fanjakana mandrakizay Azy ; ny vahoakan'Andriamanitra rehetra dia ho mpisorona mahay eo anatrehan'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana.

**I Jesosy no Endriky ny Fahafahana**

I Jesosy no fanehoana faratampony ny fahafahana. Tsy azo eritreretina ny fahafahana raha tsy misy Azy. I Jesosy Kristy dia mpifehy ny zavatra rehetra, fara-tampony ary feno sy ampy amin'ny zavatra rehetra. Izy no Ilay fanatitra hany nilaina, Ilay hany Mpanalalana, Ilay Mpamonjy antsika feno dia feno. Tompon'ny fiainantsika manontolo.

Midika izany fa ny zavatra andrasantsika avy amin'ny hafa dia tsy tokony hanagadra antsika mihitsy ao anatin'ny fahatsapana alahelo sy fahatezerana.

Ny hafa dia tsy afaka mamaritra izay tsapantsika, na inona na inona heviny. Tsy manana ny fahefana mba hahatonga antsika hahatsapa fijaliana izy ireo. Afaka miara-miaina na dia amin'ny fahavalo aza isika. Manafaka tokoa izany sehatry ny fahalalahana izany.

Ny fahalalahana kristianina dia lalina kokoa sy mafy kokoa noho ny fahafatesana. Ny andininy miavaka indrindra ny amin'ny fanoloran-tena ho an'i Kristy dia izay hita ao amin'ny Apok. 12:11.

> *"Ary izy ireo dia naharesy Azy noho ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy ; ary tsy nankamamy ny ainy intsony izy ireo na dia ho faty aza"*

Ho an'ireo mpandresy ny mpiampanga ireo rahalahy, ny fahatokiana amin'i Kristy dia manan-danja kokoa noho ny ain'izy ireo. I Kristy no sarobidy indrindra.

Maneho izany fa ho an'ny Kristianina, dia tsy ny fahafahana no zavatra manan-danja indrindra, fa Andriamanitra.

Ny maha-tompon'ny zavatra rehetra an' Andriamanitra, ny maha-ambony faratampony Azy dia mampahafantatra ny amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana. Izany no làlan'ny toe-

panahy araka an’Andriamanitra ; antsoina amin’ny fomba hafa hoe fahamarinana. Ny fiandanian’ny tena manokana amin’Andriamanitra amin’ny zavatra rehetra no manondro ny tena Kristianina. Antsoina hoe fahatahorana an’i Jehovah izany.

Ny fanaovana tompon-dakan’ny fahafahana dia fomba iray hanasana ny olona hanaiky ny tena fahafahana avy amin'ny fifandraisana amin'ilay Andriamanitry ny fahafahana sy ny fitiavana.

Nanao fanambarana mazava i Jesosy: nilaza Izy fa Izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana.

Ny làlana mankamin’ny fahafahana dia ny fanatonana mivantana an'Andriamanitra sy fifandraisana amim-pitiavana amin'Ilay Andriamanitra Telo Izay Iray.

Marina tokoa fa nambaran’i Jesosy fa raha Izy Ilay Zanaka no `manafaka dia ho afaka tokoa izany olona izany (Jao8:36).

> *"Raha ny Zanaka no manafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo."*

Mifandray amin'ny fahamarinana ihany koa ny fahafahana. Hoy i Jesosy ao amin'ny Jaona 8:31 hoe:

> *"Raha maharitra amin'ny teniko ianareo, dia ho mpianatro tokoa ; ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo ».*

Nilaza ny marina momba an'Andriamanitra i Jesosy. Andriamanitra tsy singan’olon-drery mitokana, fa fiombonan'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Andriamanitra iray ao anatin'ny olona telo, Andriamanitra mifandray amin'ny hafa, ka ny maha-izy Azy dia iray tsy mizarazara.

Ny zava-baovao nentin'i Jesosy dia ilay fanekena vaovao ifandraisana mivantana amin'Andriamanitra. Ny fahafahana hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana, tsy misy mpanelanelana hafa, fa Andriamanitra ihany. Izany dia ny fahafahana manatona mivantana an'Andriamanitra. Dia Andriamanitra mandray tsara ny olombelona nania. Ny fanoharana momba ilay zanaka adala dia ohatra iray maneho ity fanambarana vaovao momba ny fitiavana mampiditra ao an-trano izay atolotr'Andriamanitra amim-pamindrampo sy fahalalahan-tànana.

Izany dia ny fahafahana hiditra ao an-tranon'Andriamanitra, araka ny vavaka nataon’ i Davida ao amin'ny Salamo faha-23 manao hoe :

> *"Hitoetra ao an-tranon'i Jehovah andro lava aho."*

Fahafahana amin'ny ratsy izany ary nampianatra antsika hivavaka i Jesosy manao hoe :

> *"Manafaha anay amin'ny ratsy."*

Ny velarana ara-panahin’ny fahafahana dia ahitana ny fahafahana amin’ny herin’ny devoly. Ny tany dia faritra voabodo. Araka ny Apokalypsy 12, dia nisy fanahy ratsy latsaka teto amin'ity planeta ity. Kanefa ny vaovao mahafalin'ny fahafahana dia nandresy azy ireo i Jesosy Kristy.

Ao amin'ny Kolosianina 2, raha niresaka momba ny fanafoanana ny trosan'ny voavotra i Paoly, dia nilaza hoe:

> *"Novelominy niaraka taminy ianareo rehefa navelany ny fahadisoantsika rehetra ; ary novonoiny ny sora-tànan'ny didy izay niampanga antsika, ka nohomboany teo amin'ny hazo fijaliana. Ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony mihariharyny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy" (Kolosiana 2:13-15).*

**Famaranana**

Nantsoina ho tompon-dakan'ny fahafahana ny Advantista Mitandrina ny Andro fahafito. Izany finoana ny anjara asa lehibe ananan'ny fahafahana izany dia mifototra amin'ny toetran'Andriamanitra sy ny tanjon'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao.

Ny Advantista dia manaraka ny foto-kevitra dimy ao amin'ny Fanavaozana Protestanta. Ny solomaso amakian'izy ireo ny foto-kevitry ny Fanavaozana Protestanta dia ny fahafahan'ny feon'ny fieritreretana, fivavahana, na finoana izay iraketana ny fahalalahana rehetra.

Ho an'ny tsirairay amin'ireo fitsipika tamin'ny Fanavaozana Protestanta ireo, dia asongadin'ny Advantista ny fanomezana ambony ananan'ny Fahafahana atolotr'Andriamanitra.

1. Ny fitsipiky ny *Sola Scriptura* dia manasongadina ny fahalalahana avy amin'ny fomba nentim-paharazana fa manohana kosa ny sitrapon' Andriamanitra irery ihany sy ny tanjony tanteraka ho an'izao tontolo izao.

2. Ny fitsipiky ny *Sola Gratia* dia manafaka ny olombelona amin'ny fianteherana amin'ny fahamendrehan'ny tenany ho an'ny famonjena azy ireo.

3. Ny fitsipiky ny *Sola Fide* dia manipika ny fahafahana avy amin'ny famonjena amin'ny fanaovana asa amin'ny alalan'ny fifanarahana na ady varotra amin'Andriamanitra.

4. Ny fitsipiky ny *Solus Christus* dia manamafy ny fahamboniana sy ny fahampiana /fahafenoan'i Jesosy Kristy amin'ny maha-Tompo sy Mpamonjy Azy.

5. Ny fitsipiky ny *Soli Deo Gloria* dia manasongadina ny fanafahana amin'ny fanomezam-boninahitra ny tena, ary ny fanasokajiana ny olona eo amin'ny ambaratonga ambony sy ambany. Ny fiafaran'ny fifaninanana. Izany dia fahafahana amin'ny fanomezan-danja ny tena amin'ny fanoloran-tena tanteraka ny hanome voninahitra an'Andriamanitra. Ny tompon - dakan'ny fahafahana dia mamerina

amin'ny laoniny ny foto-kevitry ny Fanavaozana. Misy foto-kevitra hafa ao amin'ny Fanavaozana izay tsy azo sarahina amin'ny fahafahana.

6. Ny maha-mpisorona ny mpino rehetra dia manasongadina ny fanambarana sy ny vaovao mahafalin'ny fanekena vaovao: Fifandraisana mivantana amin'Andriamanitra ary tsy mila mpanalalana. Olona, toerana na zavatra, na fanatanterahana fombafomba.

7. Ny *Concientia Fidelium* na ny fahalalahan'ny feon'ny fieritreretana dia mitondra fahafahana ny amin'ny fanjakazakana na fanandevozana. Izany dia mifandray amin'ny fitoviana sy ny fahamendrehan'ny maha-olona.

Sarotra ny nampiditra an'io fahafahana io tao anatin'ny foto-pisainana teo amin'ny Fanavaozana Protestanta. Ny mpanao fanavaozana anefa dia tsy voatery ho mpandefitra hatrany.

Ohatra : Calvin raha namela ny tenany ho amin'ny fandoroana teo amin'ny tsatokazon'i Michel Servette; fa i Luther koa dia tsy naneho fandeferana tamin' ireo *anabaptistes* na Jiosy.

Ny Advantista amin'ny maha-tompon-dakan'ny fahalalahan'ny fieritreretana sy ny finoana dia mamerina amin'ny laoniny io toro lalana lehibe ao amin'ny Fanavaozana Protestanta io, ary manitatra ny fahalalahana hanaraka ny feon'ny fieritreretany ho an'ny rehetra.

---

*[1]*

*Ao amin'ny kolo-tsaina tandrefana, Isaiah Berlin, dia nampiely izany fanavahana izany. Jereo Isaiah Berlin, Liberty. Natontan'i Henry Hardy (ed.) (Oxford: Oxford University Press 2002) . « Liberty » no edisiona vaovao sy miely patrana indrindra ny amin'ny Four Essays on Liberty nosoratan'i Isaiah Berlin.*

*[2]*

*Evgenii Dainov. Politics in 40 Words: A Dictionary (Sofia, Bulgaria: New Bulgarian University Press, 2020), 142.*

*[3]*

*Constantin Delikostantis. "Vatican II et les droits de l'homme. Réflexions d'un orthodoxe sur les relations entre liberté Chrétienne et liberté moderne." Le concile Vatican II et L'église orthodoxe. Colloque théologique Chambesy, 16-19 octobre 2013), 212.*